# ANDRIAMANITRA DIA ANDRIAMANITRA ETY AKAIKY ETY, FA ANDRIAMANITRA DIA ANDRIAMANITRA ANY LAVITRA KOA

**« Moa Andriamanitra ety akaiky ihany va Aho? hoy Jehovah. Fa tsy Andriamanitra any lavitra any koa? ». Jeremia 23 :23**

Mifandahatra amin'ny mpaminany sandoka i Jeremia eto ; ny mpaminany sandoka dia tahaka ny mpanompo sampy, milaza hoe Andriamanitra dia voafetra amina toerana na amina faritra anankiray. Tsia ! Tsia ! Tsy tahak'izany Andriamanitra hoy Jeremia mpaminany, fa hoy izy eo amin'y and.23 : « Moa Andriamanitra ety akaiky ihany va Aho? ». Sous-entendu hoe Andriamanitra toy ny sampy amin'ny faritra iray. Fa hoy Jeremia hoe : « Fa tsy Andriamanitra any lavitra any koa? ».

Izay no fahamarinana volamena ry havana asain'ny Tompo sainintsika amin'izao hariva izao : **ANDRIAMANITRA DIA ANDRIAMANITRA ETY AKAIKY ETY, FA ANDRIAMANITRA DIA ANDRIAMANITRA ANY LAVITRA KOA**. Io ilay ataon'ny teolojiana hoe : Andriamanitra dia omniprésent : présent partout ; Andriamanitra dia omniscient : mahalala ny zavatra rehetra ; Andriamanitra dia omnipotent : mahay ny zavatra rehetra, na ny ety akaiky, na any lavitra.

Izay no asain'Andriamanitra sainintsika ry havana ô : na ety akaiky Izy, na eny lavitra Izy : mahita ny zavatra rehetra, mahay ny zavatra rehetra, maha-isa ny volon-dohantsika. Tsy manao ohatran'ny afrikana sasany hoe mahita ny fahantran'i Afrika dia miteny hoe : « an an an, mba hividiano GPS Andriamanitra fa toa adinony, toa tsy hitany ny misy an'izany Afrika izany ». Andriamanitra ety akaiky Izy e, Andriamanitra any lavitra Izy ry havana ô.

Fa izao : raha ianao no alaim-panahy hoe nanalavitra anao Andriamanitra, dia jereo ilay tenin'ny mpanao Salamo hoe : « Vonjeo aho Andriamanitra ô ». Ary raha tsy mamonjy anao Andriamanitra, sao dia ianao ilay tsy mifidy ny didiny, ianao ilay tsy miravoravo amin'ny lalàny. Izay no lazain'ny Salamo 119 ry havana.

**Andeha isika hisaotra Azy ny amin'ny anambarany amintsika ny tenany hoe Andriamanitra ety akaiky ary Andriamanitra eny lavitra, ary mitsinjo antsika Izy na aiza na aiza misy antsika ; fa rahavte hahita ny famonjeny isika, raha te hahita ny tanany mitsotra isika, dia andao hisafidy ny didiny indray amin'izao hariva izao, ary hiravoravo amin'ny lalàny.**